# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Jona 2018

**1** **Zoma**
jona

***(Hoy Jesosy :)*** **Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa Izay nahary azy tamin'ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy, ka dia nanao hoe : „... dia ho nofo iray ihany izy roroa" ? ... Koa amin'izany, izay nampiraisin'Adriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona.** Matio 19. 3-6

**Ny fanambadiana (2) : fikambanana mandra-maty sy tsy itambarana amin'ny hafa**

Ireo ray aman-drenintsika voalohany dia mampalahelo fa nihaino ny feon'ny devoly, nampisy fisalasalana tamin'izay nambaran'Andriamanitra. Nihevitra ve izy mivady fa ho sambatra kokoa rehefa tsy mankatò ? Nanimba ny fahatokiany an' Andriamanitra ny fisalasalana sy ny tsy fankatoavana, ary nitarika azy ireo hifampiampanga, kanefa dia izay hahasoa azy ireo no nokendren'Andriamanitra. Amin'izao fotoana izao, any Frantsa dia efa ho antsasaky ny tokantrano no miafara amin'ny fisaraham-panambadiana. Tsy niova anefa ny fikasan'Andriamanitra, araka ny teny nomena antsika androany. Tsy ankasitrahin'Andriamanitra ny misara-panambadiana na miovaova vady arakaraka izay tiana, na taloha na ankehitriny.

Ankoatra izany, amin'Andriamanitra, na tsy ampiasaina firy intsony aza ny teny hoe „fijangajangana", dia tsy niha lefy tsy akory ny heviny, na firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana izany, na fanitsakitsaham-bady. Aoka hotsarovantsika fa natokan'Andriamanitra ho ao anatin'ny sehatry ny fanambadiana ny firaisana ara-fo, ka fahotana avokoa izay rehetra atao ivelan'ny fanambadiana (1 Korintiana 6. 9-10). „Aoka ny lehilahy rehetra samy hanana ny vadiny avy, ary aoka koa ny vehivavy rehetra samy hanana ny vadiny avy. Aoka ny lahy hanao izay mety hatao amin'ny vavy ; ary mba toy izany koa ny vavy amin'ny lahy. Ny vavy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny lahy ; ary mba toy izany koa, ny lahy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny vavy" (7. 2-4).

Mamafy fahoriana ny olona rehefa miaina araka izay haitraitrany. „Izaho koa dia tsy manameloka anao", hoy Jesosy tamin'ilay vehivavy nijangajanga. Ary nampiany hoe : „Mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony" (Jaona 8. 11).

*(amin'ny heriny ny tohiny)*